# FITSIPI-PIFEHEZAN'NY

# TSINGY MAROC

**Fahaizana sy Fahendrena**
**ho an'ny**
**Madagasikara**

## Chap I Fitsipika mandidy ny fiasan'ny birao mpanatanteraka

***Andininy 1***: Ny fanampahan-kevitra rehetra raisina ao anatin'ny birao mpanatanteraka dia tsy maintsy raisina miaraka. Raha tratry ny tsy azo anoharana, tsy misy idiran'ny resa-bola sy noho ny tsy fahampian'ny fotoana, ny sekretera jeneraly dia afaka manapa-kevitra amin'ny anaran'ny birao mpanatanteraka, saingy tsy maintsy mampilaza ireo mpikambana hafa rehetra ao amin'ny birao izy ary manambara azy ireo ny antony nandraisany ny fanapahan-kevitra.

***Andininy 2***: Raha misy ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ireo mpikambana dia tsy maintsy mifidy ny fanapaha-kevitra ho raisina izy ireo. Mitovy ny lanjan'ny vaton'izy rehetra amin'izany.

Raha mitovy ny vato azon'ny hevitra izay nofidiana dia tsy maintsy miantso ny filankevim-pitondrana izy ireo ary manotany ny heviny, raha mbola mipetraka ny olana dia alefa eo anivon'ny filoha isam-paritra. Raha tsy tapaka eo ny olana dia tsy maintsy ilana fivoriam-be tsy ara-potoana ny mpikambana rehetra.

## Chap II Fitsipika mandidy ny resa-bola ny fikambanana.

***Andininy 3***: Famoronana kaonty any amin'ny banky amin'ny anaran'ny fikambanana. Mandrapaha ara-dalana ny Sata mifehy, ny birao mpanatanteraka dia tsy maintsy manokatra kaonty amin'ny anaran'ny olon-droa solo-tenan'ny fikambanana.

ao aminy izay tiany ny birao mpanatanteraka ary mampilaza ny mpikambana Raha tsy mitovy ny faritra misy ireo solo-tena anankiroa ireo dia tsy maintsy mifidy olona roa mpikambana rehetra ato amin'ny tsingy.

***Andininy 4***: Ny fidirana sy fandaniam-bola rehetra dia tsy maintsy soratana ao anaty bokim-bola ary atao isan- taona izany. Izany no atao dia mba hahafahan'ny mpikambana tsirairay manara-maso ny fivezivezen'ny vola ato amin'ny fikambanana.

***Andininy 5***: Raha azo atao dia tsy maintsy asiana porofo ireo fidirana sy fandaniam-bola rehetra ireo ary tsy maintsy tazomina hatramin'ny faran'ny tao-mpiasan'ny birao mpanatanteraka izany.

***Andininy 6***: Ny fananan'ny fikambanana rehetra dia tsy maintsy raisin'ny mpitantam-bola.

Ny vola rehetra dia tazomina ary tantanin'ny mpitantam-bola. Manan-kery io na avy aiza na avy aiza, na ho aiza na ho aiza izany vola izany.

***Andininy 7***: Ny birao mpanatanteraka dia tsy maintsy manao tatitra ara-bola isaky ny telo volana sy/na rehefa mihoatra ny arivo dirham (1000,00 dhs) ny fandaniana.

***Andininy 8***: Ny filankevim-pitondrana dia afaka manara-maso sy mangata-panazavana any amin'ny mpitatam-bola.

Tsy afaka mandà io fanaraha-maso io ny mpitatam-bola.

## Chap III **Mpanara-maso vola**

***Andininy 9***: Ny tatitry ny mpanara-maso vola dia tsy maintsy tonga eo anatrehan'ny sekretera mpiandraikitra ny resa-bola amin'ny fotoana maha-mety azy.

Ny sekretera mpiandraikitra ny resa-bola dia tsy maintsy mampita io tatitra io eo anivon'ny mpikambana hafa ao amin'ny filankevim-pitondrana miaraka amin'ny fanamarihany.

***Andininy 10***: Raha misy olana hita ao anati'ny kaonty sy ny resa-bola, ny mpanara-maso vola dia afaka mangatam-panazavana na fanitsiana amin'ny mpitantam-bola.

Tsy afaka mandà io fangatahana io ny mpitantam-bola.

## Chap IV **Fitsipika mandidy ny fiasan'ny birao isam-paritra**

***Andininy 11***: Ny mpikambana rehetra ao amin'ny birao isam-paritra dia tompon'andraikitra amin'ny fanapaha-kevitra izay raisiny.

***Andininy 12***: Ny filohan'ny faritra no solo-tenan'ny mpianatra rehetra eo amin'ny faritany misy azy. Miaro ny tombotsoan'ny mpiray firenena aminy eo anatrehan'ireo fikambanana sy ireo manam-pahefana ara-panjakana eo an-toerana no asany amin'izany.

***Andininy 13***: Raha toa ka misy mametra-pialana ny iray amin'ireo mpikambana ao amin'ny birao isam-paritra dia raisin'ny filohan'ilay faritra voaresaka

ny andraikitr'ilay nametra-pialana mandra-pahalany indray ny olona vaovao hisolo toerana ilay taloha.

Izany dia tsy mihatra raha toa ka ny mpanara-maso vola no mametra-pialana.

## Chap V **<u>Fitsipika mandidy ny fifidianana sy ny latsa-bato.</u>**

***Andininy 14***: Ny fanapaha-kevitra rehetra tinapaky ny fivoriam-be ka nofidian'ny ankamaroan'ny mpikambana nanatrika dia tsy maintsy tanterahina.

Lany ny mpilatsaka hofidiana iray raha toa ka mahazo ny atsasa-manilan'ny latsa-bato mana-kery.

Alefa ny fihodinana faharoa mandrapaha tanteraka io andalana io.

Ny atsasa-manila dia 50% miampy vato iray amin'ny latsa-bato mana-kery.

***Andininy 15***: Raha misy antony mazava, ny fila-kevi-pitondrana dia afaka mandà ny fanomezan-daja fifidianana na latsa-bato iray.

Io fandavana io dia tsy maintsy alefa any amin'ny birao mpanatanteraka sy any amin'ireo filoha isam-paritra ary anjaran'izy ireo indray no mampilaza ireo mpikambana rehetra.

***Andininy 16***: Io fandavana avy amin'ny filankevim-pitondrana io dia midika koa ho fanaovana fifidianana vaovao hasolo ilay nolavina.

***Andininy 17***: Ao anatin'ny fivoriam-be, io fandavana io dia azo atao toy ny fitsapa-kevitra ka ny mpikambana rehetra manatrika no maneho hevitra amin'izany. Arak'izay lany ami'nizany no handavana tokoa na tsia ilay fifidianana.

***Andininy 18***: Ireo mpilatsaka hofidiana rehetra dia tsy maintsy mametraka mialoha ireto taratasy ireto:

- Taratasy fangatahana hilatsaka hofidiana.
- Taratasy manamarika ny fisoratana anarana anatina sekoly iray mandritra ny tao-mpiasana ny birao ilatsahany.
- Dika mitovy amin'ny carte sejour ara-dalàna sy tsy lany daty.
- Taratasy manamarika ny fandoavana latsa-kemboka izay alaina any amin'ny mpitatam-bola

# Chap VI **Fitsipika mandidy ireo fandikan-dalàna sy ny sazy mifandraika aminy**

## *I. Sazy ho an'ny tsy fandoavana latsa-kemboka sy ny fandikan-dalana mahakasika ny firaisankinan'ny mpikambana.*

***Andininy 19***: Tsy misy mpikambana azo roahina noho ny tsy fandoavana latsa-kemboka.

***Andininy 20***: Ny birao mpanatanteraka dia tsy afaka mandray fanapahan'kevitra irery amin'ny fanasazina mpikambana iray,

Ny fanasaziana rehetra dia raisin'ny kômisiôna manokan'ny fitsipi-pifehezana. Ny mpikambana ami'nio kaômisiôna io dia efa voalaza ao anatin'ny sata mifehy.

Ireo fanasaziana ireo dia mety mandray endrika tsy fanomezan-dalana handray anjara amin'ireo tombotsoa rehetra izay raisin'ny mpikambana hafa (fitsangatsanganana, fanomezana valisoa, …)

Ny fanasaziana rehetra dia tsy azo ijerena tavan'olona izany hoe mihatra amin'ny mpikambana rehetra izay tsy mahefa ny adidiny.

***Andininy 21***: Raha misy ny tsy fanarahana ireo sazy (andininy 20), ny birao mpanatanteraka dia tsy mandray an-tanana intsony ny taratasy sy ny hevitr'ireo mpikambana voasazy.

***Andininy 22***: Ireo mpikambana rehetra miteraka fahasimbana amin'ny firaisankina dia azo saziana amin'ireo sazy rehetra voalaza ao amin'ny andininy faha-20 (etsy ambony) aorianan'ny fandinihan'ny kômisiôna manokan'ny fitsipi-pifehezana ny momba azy.

## *II. Fandikan-dalàna sy sazy ho an'ny birao mpanatanteraka.*

***Andininy 23***: Ny mpikambana rehetra ao amin'ny birao mpanatanteraka tratra nanodikodim-bola sy nampiasa tsy ara-drariny ny fahefana ananany (fampiasana amin'ny tsy ara-drariny ny anaran'ny fikambanana, …) dia tsy maintsy mametra-pialana aorianan'ny fahatrarana azy ary tsy maintsy mamerina ny fananana nahodikodiny.

## Chap VII **Fitsipika mandidy ny fananganana kômisiôna**

***Andininy 24***: Ny kômisiôna dia tarihin'ny mpikambana iray ao amin'ny birao mpanatanteraka izay miandraikitra ny asa mifanandrify amin'ny asa hiandraiketan'io kômisiôna io.

Ireo mpikambana ao anatin'ny kômisiona dia tsy maintsy mpilatsaka an-tsitrapo izay miisa tsy mihoatran'ny folo (10) ankoatran'ilay filoha izay mpikambana ao amin'ny birao mpanatanteraka.

***Andininy 25***: Ny fanamarihana rehetra omen'ny kômisiôna dia tsy voatery hotanterahina, fa na izany aza, ny birao mpanatanteraka dia tsy maintsy mandinika izany mialohan'ny handraisany fanapahan-kevitra.

***Andininy 26***: Ny mpikambana hafa ao amin'ny birao mpanatanteraka maniry ny hiditra ho ao anatina kômisiôna dia raisina ho toy ny mpikambana tsotra ao anatin'izany kômisiona izany.

***Andininy 27***: Raha misy tsy fitovian-kevitra ao anaty kômisiona, dia miroso amin'ny fifidianana izany ireo mpikambana ao ka ireo fanamarihana na tolo-kevitra mahazo ny 3/5 ny mpikambana ao no mandresy.

## Chap VIII **Tombotsoa ho an'ireo mpikambana ara-dalana**

***Andininy 28***: 30% ny teti-bola misy dia atokana ho fanampiana ara-bola an'ireo mpikambana ara-dalàna.

***Andininy 29***: Rehefa lany ny lalana sy ny hevitra rehetra eny anivon'ny birao isam-paritra, ireo mpikambana ara-dalàna rehetra dia AFAKA mahazo fanampiana ara-bola raha sendra ARETI-MAFY. Ireto avy ny fepetra mety ahazahoana izany fanampiana izany:

- Ny fangatahana fanampiana rehetra dia tsy maintsy alefa any amin'ny filoha isam-paritra ary ito farany no mandefa azy any amin'ny birao mpanatanteraka.
- Fanomezan-dalana avy any amin'ny filohan'ny faritra miaraka amin'ny fanamarinana ireo porofo mandritra ny fotoanan'ny fitsaboana ilay aretina.

Toy izao ireo fanampiana:

- Ho an'ireo fitsaboana nandaniana 500,00 dhs hatramin'ny 1000,00 dhs, fanampiana 30%.

- Ho an'ireo fitsaboana nandaniana mihoatran'ny 1000,00 dhs, fanampiana 400,00 dhs.

***Andininy 30***: Ny birao mpanatanteraka dia manolotra amin'ny anaran'ny fikambanana ho an'ny mpikambana ara-dalàna, lelavola:

- 100,00 dhs raha misy fahoriana akaiky manjo azy (fahafatesana Ray, Reny, mpiray tam-po kaiky).
- 200,00 dhs raha fahaterahana.